
# ALAHADY FAHA 32 MANDAVANTAONA - A



## *ITY TANY ITY FANDALOVAM-BAHINY*

Ry Kristianina havana, efa manakaiky ny famaranana ny taona litorjika izay mampianatra antsika hahay hibanjina sahady ny hoavy, hahay hiomana amin'izay hoavy izay satria fandalovana tokoa ity tany ity. Tsy ity no fiafarantsika fa fiomanantsika amin'ny tena fiainana ary fantantsika fa amin'ny maha-voaary antsika dia tsy maintsy misy fiafarana. Andriamanitra irery izay mpahary no tsy misy fiafarana ka noho izany dia misy farany isika olombelona. Izany indrindra no tian'ny Eglizy ho tsapantsika ka amin'izao Alahady faha-32 mandavantaona izao dia ampianarany isika amin'ny alalan'ireo vakiteny handalina tsaratsara kokoa ary hifikitra amin'izay tena fahendrena marina dia ny fahendrena izay tsy inona fa ny fahaizantsika mijery ny hoavy. Fahendrena tena mifanohitra amin'ny lojikan'izao tontolo izao satria ny azy dia ny fijerena ny anio ary io no andrafetana ny fiainana. Izay tokoa no aoka ho tsara fantatra miankina ny fiheveranao ny ho avy no handaminanao ny anio. Raha ohatra ka matoky ianao fa tsy misy ny ho avy dia tsy mahagaga raha manararaotra au maximum izao andro izao ianao. Tsy mahagaga raha ny rendrarendra sy ny fafinaretana no zary filamatra. Fa raha ianao kosa mahatsapa fa misy ny ho avy ary indrindra ho avy misy ny fiainana tena izy dia tsy mahagaga raha manomana ny ho avy. Hafa tena hafa isika kristianina raha miresaka an'izany rehetra izany satria ny fahendrentsika tsy fahendrena avy amin'ny firehan-kevitra na filosofia fa avy amin'I Kristy nandresy ny ratsy ary tena Olona velona izay tsy

> **Vakiteny I :** Fah. 6, 12-16
> **Tononkira :** Salamo 62
> **Vakiteny II :** 1 Tes, 4, 13-18
> **Evanjely :** Mt. 25, 1-13

miova omaly anio ary mandrakizay. Izay no mahatonga antsika olon’ny finoana, olon’ny fitiavana, olon’ny fanentanana antsika. Noho ny herin’ny Fanahy Masina dia afaka mihavao hatrany isika izany hoe afaka manao “depart vaovao”, fiaingana vaovao, vokatry ny mahaolon’ny fanentanana antsika. Io no mahatonga antsika matetika mamerimberina hoe NIANY NY HO AVY FA TSY AMARAY. Raha haintsika tokoa ny mametraka izao andro iainantsika izao amin’I Jesoa ka Izy no ivon’ny fiainana sy eo anivon’ny fiainantsika izany hoe amin’ny alalany sy miaraka ary aminy no andrafetantsika ny fiainantsika dia izay ataontsika amin'ny andro iainantsika izao no tsy maintsy hanomanantsika ny hoavy. Raha mieritreritra ny hoavy isika ka tiantsika ho feno hafaliana, ho feno hasambarana, ho feno fiadanana izany hoavintsika izany dia dieny androany isika no tsy maintsy mamolavola hoe:"Inona marina moa ny fiadanana ho ahy, inona ny fahasambarana ho ahy, inona ny lamina mandrakizay ho ahy ?"

Ny tena fahendrena dia ny fahaizantsika mandinika an'izany rehetra izany, ary tsy hoe mandinika fotsiny fa mandrafitra an'izany dieny izao. Arakaraky ny fahaizanao mandrafitra an'izany hoavy dieny izao izany no ahafahanao ihany koa miditra sy miaina ary mivelona dieny izao na dia tsy lavorary aza ny fiadanana sy ny hasambarana ary ny hafaliana.

Ry Kristianina havana, ny foto-pampianarana tian'ny Eglizy atolotra ho antsika amin'izao Alahady faha-32 mandavantaona izao dia tafiditra tsara amin'izao “depart vaovao”, fiaingana vaovao irintsika izao izay tanterahana ahafahantsika miatrika ny KORONTANAVIRUS ka hahatonga antsika ho EOV MISIONERA VITA BATEMY IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA MANORONA ETA TRANOBEN’ANDRIAMANITRA HAHITANTSIKA NY FIVELARANA NY MAHA OLONA SY MAHA OLONA MANONTOLO. Tanteraka izany raha feno an’I Kristy tokoa isika, izany hoe MAHAY MAMENO NY SAJOA SAOTA : io no lalana entintsika manomana ny fiombonana tanteraka amin'i Kristy sy ny fiainan-ko avy. Efa santarintsika amin'ny fivelomana ny maha-Kristianina antsika ny fiainana miaraka amin'i Kristy amin'ny hoavy ka hahatonga ny olona manodidina antsika hahatsapa fa Kristy Mpiara-belona aminy isika hahatonga azy ireo hisafidy ko an’I Kristy ho lalan-kombana satria i Kristy no làlana sy fahamarinana ary fiainana. Izany no ambaran'ireo vakiteny androany ary izany no tena fahendrena.

Ny vakiteny voalohany ao amin'ny bokin'ny fahendrena manambara hoe: "n*y fahendrena dia mamirapiratra, tsy mety matroka hatsarana, mora mahita azy ny olona raha tia azy, ary mora mahazo azy raha mitady."* Izany no mahatonga antsika dieny izao mivelona ny hoavy satria raha mitady an'i Kristy izay fahendrena sy làlana ary fahamarinana isika dia ao anatin’ny hasambarana. Izay mahita ny làlan-kombana sy mahita ny marina no hendry, izy ireo no mahita ny fahasambarana. Izany no harena sy fiainana, i Kristy no fiainana, ka ny mahita ny fiainana tena izy miaraka amin'i Kristy no tena hasambarana.

I Jesoa ao amin'ny Evanjely raha nanao ny fanoharana mikasika ny virjiny hendry sy ny virjiny adala dia mananatra antsika hahay hametraka ny hoe niany ny hoavy raha mahay mikolokolo sy mikarakara ny fiainantsika sy ny tranobe iombonantsika isika. Izany no mahatonga antsika mamerina matetika fa mitaky “CHANGEMENT RADICAL” izao androntsika izao raha tiantsika ho hisy “depart vaovao”. Azo lazaina fa ny virjiny adala dia ireo mbola manonofy ny talohan’ny KORONTANAVIRUS.

Tsy fantany fa efa tonga ny tena fahendrena dia I Kristy ka mila manao “depart vaovao” ka mitandrina tsara an’ireosolika mba tsy ho lany.

Ny virjiny adala dia varimbariana amin'izao fiainan'izao tontolo izao ka mandrava, potika ny solika teny an-tànany, izany no hitantsika amin'ireo doro ala sy tevy ala ataontsika. Varimbariana amin'ny androany isika ka manapotika hany ka rehefa tonga ny fotoan'ny hain-tany izay vao mitolagaga. Indrisy efa migadra ny ho avy amin’izay ka zary feno nenina ny fiainana. Ny tena loza dia io toetra vokatry ny lojikan’izao tontolo izao ka mifanapotika. Izay indrindra no mahatonga ny hafatra pastôraly mananatra antsika ho taitra amin’ny torimaso sao sanatria efa tratra isika…

Ny virjiny hendry kosa dia ny “generation” mpanorina izay tsy mitsahatra mikarakara sy mikolokolo ny manodidina azy ka rehefa tonga ny mpampakatra dia ao anatin'ny hafaliana izy. Ny virjiny Hendry no EOV MISIONERA VONONA MANDRAKARIVA satria manana an’I Jesoa. Ny finoana, fanentanana ary fitiavana no  solika entina miandry an’I Kristy Mpampakatra. Mety maro ny sedra sy fanamby tsy mavozo fa efa manana izay entina miatrika ireny KORONATANA KORONTANA ireny. Ao anatin’ny hafaliana izy satria olon’ny finoana matoky an’i Kristy, olon’ny fitiavana ka mifampitsimbina ary mitsimbina ny zava-boary ary olon’ny fanantenana na dia mafy aza ny fiandrasana, mafy ny sedra dia matoky fa miaraka amin’I Kristy nandresy ka tsy maintsy mandresy.

Aoka ho mpamokatra, ho mpanorina isika fa tsy mpandrava, ho mpamokatra araka izay sitrak'Andriamanitra fa tsy araka izao tontolo izao izay entanin’ny fitiavan-tena, fialonana, hena-maso, avonavona… ka tsy mizaha ny hafa. Mpamokatra isika ka tsy “consommateur” intsony, tsy mpanjinfa, tsy mpizaha fotsiny intsony fa tena ACTEUR MANDRAY AN-TANANA araka ny hafatra pastôraly faha-8. Tsara ny mampahatsiahy fa mbola manohy ny hafatra tamin'ny Alahady lasa teo. Tsy novakiana ny Tenin’Andriamanitra fa ny Olomasina no nankalazaina. Tsy inona io hafatra io fa mitaky fanetren-tena sy fahatsorana ny lalana hahatonga antsika ho olon’ny finoana, olon’ny fanantenana, ary olon’ny fitiavana. Ary ireo Olomasina nankalazaintsika tamin’ny alahady teo dia feno fahendrena, feno fahamasinana satria olon’ny finoana, olon’ny  fanantenana, olon’ny fitiavana. Modely ho antsika izy ireo ary indrindra mivavaka ho antsika satria tafita ka miara-paly amin’ny Mpampakatra. Ho mpanorina takoa anie isika fa tsy mpandrava na mpanakorontana, tsy mpanao herisetra na mpanapotika fa kosa ho mpanarina ka raha tonga ny mpampakatra dia mitsangana avy hatrany ny hendry. Io no lazaintsika hoe izay manao ny marina no hendry ary ny fahamarinana no maha-olona afaka antsika.

Ry Kristianina havana, aoka àry isika hahay hanararaotra izao fiainantsika izao, hameno ny SAJOA SAOTA dia ho feno fahendrena isika. Aoka tsy ho varimbarina isika tahaka ireo virjiny adala ka manjehy ny andro lava aoka isika hikarakara dieny izao ny fiainan-ko avy.

Manafatra antsika i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa, taratasy ho an'ny Tesalosianina, mananatra antsika izy mba tsy ho varimbariana : " *Ry kristianina havana, tsy tianay ny tsy hahafantaranareo ny amin’izay efa nodimandry, sao dia malahelo toy ny sasany tsy manam-panantenana koa ianareo. Fa araka ny inoantsika an’i Jesoa ho efa maty sy nitsangan-ko velona no hitondran’Andriamanitra an’izay nodi mandry hiaraka aminy koa, amin’ny alalan’i Jesoa.*" Raha dieny izao isika ry Kristianina havana no mivelona ny finoantsika izany hoe ny fiainantsika manontolo no fiainana miaraka Aminy sy amin’ny alalany ary ao Aminy dia efa mitondra antsika sahady amin’ny

fiainan-ko avy izany. Io ilay solika izay tsy mety lany ary fantantsika fa ny solika dia angovo sy hery manampy antsika, io no aina mamelona antsika. I Jesoa izany aina izany ka amin'ny alalany sy miaraka Aminy no handraisantsika ny sakramenta : ny Batemy, ny Fampihavanana, ny Eokaristia, ny Fankaherezana izay hivelomana ny maha-Kristianina antsika. Koa raiso izy ireny mba hanomanantsika dieny izao ny fiainan-ko avy. Aoka hanana solika feno mandrakariva isika, izany hoe feno ny fahasoavan'Andriamanitra mandrakariva ka na dia tonga tampoka aza ny mpampakatra dia efa vonona isika miditra ao amin'ny fiadanana sy hafaliana ary hasambarana. Tsy amin'izay ihany fa dieny izao isika dia efa mivelona an'izay satria izany no maha-Kristy mpiara-belona amin'olona antsika.

Ry Kristy zokinay ô, tsy mitsahatra tokoa Ianao no miantso anay hanatona Anao. Koa enga anie izahay tsy ho varimbariana amin'ny rendrarendran'izao tontolo izao fa indrindra ny tanora ka haka tahaka an'ireny virjiny adala ireny. Enga anie izahay ho tahaka ny virjiny hendry hahay hameno mandrakariva ny solikay dia tsy inona fa ny Fanahinao masina manentana anay. Ny fahasoavanao vokatry ny sakramenta raisinay anie hanampy anay ka ho vonona mandrakariva izahay handray Anao rehefa tonga Ianao hampiditra anay amin'ny tena fiadanana sy hasambarana mandrakizay ao Aminao. Amen

Mompera Arserveka Mgr Benjamin Ramaroson